REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

## ALAROBIA 28 JOLAY 2021

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

**MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

**Nankatoavina ny fandraisana anjaran'i Madagasikara amin'ny Filankevitry ny Ministra sy ny fihaonana an-tampon'ireo Filoham-pirenena sy lehiben'ny Governemanta ao anatin'ny Vondrona SADC izay hotanterahina ny 09 hatramin'ny 18 Aogositra 2021 ho avy izao, any amin'ny Repoblikan'i MALAWI. I Malawi moa no firenena vao avy nandray ny fitantanana ny SADC.**

Tapaka nandritry ny fivoriana tsy ara-potoanan'ireo filoham-pirenena sy lehiben'ny governemanta tamin'ny volana Jona 2021 lasa teo tany Maputo Mozambika ny tokony hisian'ny fivoriana miaraka dia ny Filankevitry ny Minisitra sy ny fivorian'ny Filoham-pirenena ary ny Lehiben'ny Governemanta amin'ny volana Aogositra ho avy izao.

Ho isan'ireo lohahevitra hodinihana mandritra io fivoriana io ny mikasika ny fivoaran'ny fanatanterahana ireo hevitra tapaka tamin'ny filankevitry ny minisitra, ny fanatanterahana ny « Plan stratégique indicatif de développement régional » (RISDP 2020-2030), ny fivoaran'ny fanatanterahana ny tondrozotran'ny SADC eo amin'ny sehatry ny indostria, ny fandinihana ny tatitry ny komity miandraikitra ny « finances » ary ny tatitry ny komity misahana ny « ressources humaines et de l'administration »

**MINISTERAN'NY ATI-TANY sy ny FITSINJARAM-PAHEFANA**

**Nankatoavina ny fanomezana Porte- Chars miisa enina (06) sy Camions Tracteurs miisa enina (06) ao anatin'ny "Nouveaux Projets d'Émergence" (NPE) amin'ity taona 2021 ity.**

Ho fanatanterahana ny Velirano faha roa ambinifolon'ny Filohan'ny Repoblika, ary hahafahan'ireo Faritra manatanteraka amin'ny antsakany sy andavany ny asa hiandraiketany ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, indrindra ho an'ny asa fanarenana sy/na fanamboarana ireo làlana kaominaly, mba tsy hisian'ny fitokana-monin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, dia efa nisy ny fanomezana fitaovana vaventy miisa dimy isaky ny Faritra.

Mba hanamoràna ny fivezivezen'ireo fitaovana vaventy ireo, dia nangatahan'ny Minisiteran'ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram-pahefana ny hanomezan'ny Fanjakana, ao anatin'ny « Nouveaux Projets d'Emergence » (NPE) ho an'ny taona 2021, « Camion-tracteur » sy « Porte Char » ho an'ny Faritany tsirairay avy.

# II- FANENDRENA

**MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**Nankatoavina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha** 2020-1246 tamin'ny 30 Septambre 2020 ary manendry an'Atoa. **MAMBA Serge Dieu Donné**, ho Directeur de l'Education Non Formelle eo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena

**MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA sy ny FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

- Nankatoavina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1168 tamin'ny 21 oktobra 2020 izay manendry ny « Directeur de l'Unité de Coordination des Organismes Rattachés » eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy

- Nankatoavina ny didim-panjakana manendry an'Atoa. **RASAMOELINA Andry Fidiniaina Moïse**, ho « Secrétaire Général » eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy

**MINISTERAN'NY SERASERA sy ny KOLONTSAINA**

Nankatoavina ny didim-panjakana manendry an'Atoa. **ANDRIANTSEHENO José Dominique**, ho Talen'ny Ivon-toeran'ny Sarimihetsika sy Sarimiaina Malagasy (ISSM) eo anivon'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina

***Natao androany faha 28 Jolay 2021***

***Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***